Tamin'Ny Finoana, Mosesy

Misaotra anao, Rahalahy Neville. Manao ahoana, ry havana. Tsara ny tonga ato amin'ny tabernakla androany. Ary nieritreritra aho hoe angamba raha hanao an-dRahalahy Neville hiresaka aho izao maraina izao, dia izaho no hiezaka rahariva. Ary noho izany dia namerina nijery teo amin'ny lesona sekoly Alahady iray aho avy eo ho an'izao maraina izao. Ary toy ny inona . . . Raha sitraky ny Tompo, dia hiezaka isika ny—ny hanana an'ity lesona sekoly Alahady ity.

2 Ankehitriny, efa roa herinandro izao ankehitriny, saiky, hatramin'izay nidirako. Ary tena sorena be aho araka ny fantatrareo, fa, teny amin'ny saha aho, izaho tena, tena reraka mafy ka zara raha afaka nandeha lavidavitra kely. Ary noho izany dia tsy maintsy tonga aho ho an'ny fialan-tsasatra kely iray fotsiny. Ary naka teo amin'ny telo andro teo aho tany Wolf Creek Dam, any Kentucky any, izay nahaterahako. Nieritreritra aho hoe, "Oh, mahatsapa ho finaritra fotsiny aho ankehitriny. Salama tsara aho."

3 Ary niverina nody aho, ka ny zavatra kely nihaona nifanatrika tamiko voalohany dia karazana raharaha ara-governemanta iray miaraka amin'ny hetran'ny vola miditra. Ketraka tanteraka indray aho. Noho izany dia fantatro fa hila mihoatra ny herinandro iray na roa mihitsy izany mba hialako sasatra tanteraka.

4 Fa ny asam-panompoako dia efa natao hisy fiovana ankehitriny. Ary tsy manana fivoriana voalahatra aho. Ka izany no antony somary nihatahako kely, sy nieritreritra, ary ankehitriny mandritr'ireo herinandro vitsy manaraka, dia haka fialan-tsasatra fotsiny aho, fialan-tsasatra tanteraka, ka hiandry ny Tompo.

5 Ary maro aminareo olona ato, izany hoe ireo tranainy, izay efa niaraka tamintsika ela be, no mahatsiaro fa izay efa nolazain'ny Tompo tamintsika, dia Nataony foana izay Nolazainy fa Hataony.

6 Tsarovy, rehefa tamin'ny voalohany indrindra, tato amin'ity fiangonana eto ity, ilay maraina izay nametrahantsika ny vaton'ny tabernakla, ahoana fa Izy . . . Izany dia voasoratra, ary mipetraka ao amin'ilay vato, eo amin'ny takelan-taratasin'ny Baiboliko. Tamin'io maraina io, ilay fahitana lehibe, dia nanao hoe, "Tsy tabernaklanao ity."

7 Hoy aho hoe, "Aiza ilay izy, Tompo?" Dia Navoakany teo ambanin'ny lanitra aho. Ary tonga ny Feo iray. Koa nijery aho ary nahita an'ireo hazo fijaliana telo, toy ny hoe, ireo hazo sy

ireo voankazon'izy ireo, sy ny sisa. Fantatrareo hoe inona ilay fahitana. Efa voasoratra izany, nandritry ny taona maro.

8 Naka aho, indray andro, boky tranainy iray tany, namaky ny sasany tamin'ireo zavatra izay efa notenenin'ny Tompo, voalaza mialoha; efa miseho sahady. Mikasika an'ity karazan-jatovo ity, sy mikasika ny hoe ahoana no hahatongavan'ny ady, ary ireo zavatra rehetra ireo dia tonga.

9 Zavatra roa ihany sisa no tavela, ao amin'ny iray amin'ireo faminaniana lehibe. Izany dia, ho an'ireo fiara ho eny amin'ny làlana miaraka amin'ny fibaikoana avy lavitra, mitovy amin'ny atody iray, fa tsy mamily azy fotsiny ianareo. Mibaiko ny tenany izy. Ary hisy vehivavy malaza iray hitsangana avy eo, satria firenem-behivavy iray i Amerika. Ary izany dia ho . . . Hitsangana ny vehivavy malaza iray, ary ho Filoha na zavatra tahaka an'izany, ao amin'ny firenena. Ary ho tonga ny fahapotehana tanteraka iray avy eo. Ho voafafa ny firenena manontolo.

10 Ary, izany, milaza mialoha aho . . . Ankehitriny izao dia tsy hoe ny Tompo no milaza an'izao. (Ilay hafa, mikasika ny vehivavy, dia izy, dia ny Tompo.) Fa nilaza mialoha aho, tamin'ny 1933, fa hifanehitra amin'ny fahapotehana tanteraka izao tontolo izao alohan'ny '77.

11 Noho izany, tsy fantatro tamin'izany hoe nanana zavatra iray izy ireo izay afaka hamotika azy tahaka ny ananan'izy ireo ankehitriny, fa nahita ny firenena tao anatin'ny fahapotehana tanteraka aho, ireo foto-kazo sy ny zavatra tahaka an'izany fotsiny sisa, no tavela.

12 Noho izany, dia eo amin'ny làlany izany. Ary raha tsy maintsy niseho arak'izay Nolazainy mihitsy ireo zavatra hafa rehetra ireo, dia ho toy izany koa; ary arak'izay Nolazainy ato amin'ny Soratra eto mihitsy, no Lazainy. Raha tonga Kristy tamin'ny voalohany, dia ho tonga Izy amin'ny faharoa. Ary hiseho ireo zavatra rehetra izay Nolazainy. Ary eo ampahitana an'ity amin'ny fotoany, sy mahafantatra fa isika dia . . . ny nomeraontsika dia efa madiva ho antsoina mihitsy, tahaka ny firenena iray, mahafantatra fa madiva handray Ny Fampakarany ilay Fiangonana. Izany dia manetsika ny fon'ny mpitoriteny iray, na ny iray amin'ny mpivavaka, ny mahafantatra fa ao amin'io andro sy fotoana izay iainantsika io isika. Izany no fotoana malaza indrindra izay tsy mbola niainan'ny olona teto an-tany, dia izao ankehitriny izao; izany dia, ho an'ilay Fiangonana. Noho izany, maniry tokoa ny vavakareo aho.

13 Ary hitako tao amin'ny tabernakla avy eo, ary hitako fa izy ireo dia nanana . . . dia tsy maintsy hanana fifidianana indray sy ny sisa, ao amin'ny fiangonana, ny amin'ny sasany amin'ny komity sy ny sisa.

14 Ary—ary nila fivoriana kely iray ny fiangonana, fanentanana kely anankiray. Fa efa tsara fanahy tamiko foana ianareo, sady nitahy ahy. Koa amin'ny maha-eto ahy, dia toy ny hoe fitahiana iray ho anareo. Ary azoko antoka, ny miaraka aminareo, dia efa fitahiana iray ho ahy. Fa efa nanaiky foana an'izay nolazaiko ho ny Fahamarinana ianareo, araka ny nahitako azy tamin'ny alàlan'Andriamanitra. Ary izaho—mankasitraka an'izany aho.

15 Koa noho izany, nanomboka aho, ary tsy maintsy nahita avy eo, ka nanao ny fiangonantsika hahitsy, ao amin'ireo komitiny, ary avy eo ho an'ireo fifidianana sy ny sisa. Ary avy eo—avy eo, heveriko, taorian'izany, dia nivoaka aho ary naka fialan-tsasatra kely alohan'ny hiverenako eo amin'ny saha indray.

16 Hazòny eo anivonareo izany. Ankehitriny, tsy ho an'ireo any ivelany izany. Izany dia ho an'ity tabernakla ity. Mila fivoriana iray isika amin'ity tabernakla ity, ka ny zavatra rehetra, sy ny fahadisoana rehetra, ireo zavatra rehetra izay miseho, ary angamba fihetseham-po kely avy amin'ny anankiray mankany amin'ny iray hafa; ireny, horaisiko ny tsirairay avy amin'izy ireo ary entiko hifanatrika mihitsy. Noho izany raha tsy tianareo ny hiatrika an'izany, dia tsaratsara kokoa aminareo ny miala ny firenena; satria ho tonga hifanatrika amin'ny antsipiriany ianareo, tahaka ny efa fanaontsika eto amin'ny tabernakla. Ary tsy maintsy malamalama tsara ny rehetra, satria isika dia mpirahalahy sy mpirahavavy izay manao ny fandraisana, ilay Vatan'i Kristy, manodidina an'ilay latabatry ny fitahiana. Ary tsy misy afa-tsy ny devoly no te-hanao ny zavatra rehetra izay ho ratsy, sy hiteraka fihetseham-po, na handrovitra, na zavatra tahaka an'izany. Ary haka ny Rahalahintsika Neville aho, ka handeha hitety toerana izahay, ary hitondra ny olona hankany amin'ny olona, miaraka, mandra-pahatongan'ilay tabernakla fahiny ho tafaverina, ho voaorina indray, eo amin'ny tongony, mba handeha hatrany ho an'ny Fanjakan'Andriamanitra. Ankehitriny, izao dia, ny antony nilazako an'izao, dia satria ao amin'ilay vondrona kelintsika manokana eto izao maraina izao izany.

17 Ary ankehitriny dia handeha haka fialan-tsasatra iray aho, ka hiverina haingana mihitsy arak'izay vitako. Avy eo dia manantena ny ho eny amin'ny saha indray aho. Ary amin'izao fotoana izao, raha sitraky ny Tompo, dia tiako ny haka ny kely izay ananantsika ao amin'ny tahiry, sy ny sisa, avy amin'ny tenako, ao amin'ny . . . ity fandaharan'asam-pitoriana any ivelany ity. Ary hividianako tranolay vaovao iray, sy fitaovana vaovao sasantsasany, ka hanomboka ho eny amin'ny saha. Tsy avy amin'ny fiangonana mankany amin'ny fiangonana, fa mandeha ao amin'ireo fivoriantsika manokana.

18 Ankehitriny, tsy hoe tsy mifanaraka amin'ireo rahalahy izay nanasa ahy, izay mahafinaritra. Fa ny ankamaroan'izany, hitanareo ireo fivoriambe ireo, milaza izy ireo fa ho tonga

any ianareo, ary tonga ireo sakaizanareo rehetra avy eo, nefa amin'izay fotoana izay dia misy sobika fitatazam-bola goavana be dia be eo. Mandritra an'ireo olona fotsiny. Vao avy nanomboka nahita an'izany aho, hitanareo. Koa izany dia—tsy tsara izany. Tiantsika ny hanana toerana iray izay ahafahantsika mitondra azy ireny. Tsy mila mitondra ny volanareo ianareo. Tongava fotsiny, ny tenanareo, ary—ary manompoa ny Tompo. Hitanareo? Ary noho izany ankehitriny . . .

19 Ary efa nandray fiovana iray ny asam-panompoako izao ankehitriny izao. Tsaroanareo rehefa nihazona ny tànan'ilay olona aho taloha, ary nitsangana teo fotsiny, dia ny Tompo no niteny tamiko hoe inona ny olan'izy ireo. Hoy Izy, "Izao no hiseho amin'izay fotoana izay, fantatrao ny tsiambaratelon'ny fon'ny olona." Mahafantatra ny tsirairay avy aminareo fa nitranga tanteraka mihitsy arak'izay Nolazainy izany. Ankehitriny dia ity no dingana manaraka, izay efa naminaniana sy voalaza mialoha, izay handeha any ankoatra lavitry ny iray amin'Izany, hitanareo. Ary ao amin'ny fiovana izany izao ankehitriny izao.

20 Ary izany no antony iadian'i Satana amiko miaraka amin'ny hetran'ny vola miditra, miezaka miteny amiko, ny governemanta, fa ananana hetra amin'ny vola miditra isaky ny iraimbilanja izay noraisiko aho, amin'ny maha-mpitoriteny ahy, hatrany amin'ny fito amby roapolo taona lasa, nidirako tamin'ny asam-panompoana. Tsy izany ilay izy, satria nandalo teto amin'ity fiangonana teto ity izany.

21 Mpitantan-draharaha an'ity fiangonana ity aho. Marina tokoa izany. Eto amin'ny firaiketana eto izany. Koa, noho izany, raha mpitantan-draharaha mpitahiry vola an'ity fiangonana ity aho, amin'izay fotoana izay dia tsy misy na inona na inona mihitsy eto amin'izao tontolo izao . . . Tsy misy idiran'ny governemanta izany. Tsy manontany ny fiangonana izy ireo. Manontany ahy amin'ny maha-mpitahiry volan'ny fiangonana izy ireo. Ary nanao sonia taratasy iray izay any amin'ny banky any ireo mpitantan-draharaha, fa ny tahiriko rehetra . . . Raha tokony hanana kaontim-bola iray ahy manokana, dia nampandaloviko tamin'ny fiangonako eto ilay izy, satria kaontim-bola iray avy hatrany izany, na ahoana na ahoana.

22 Ary ny fanaovana an'izany, dia manampy ahy tsy handositra hiala amin'ny fiangonana sy handao azy, ary hanohy ka ho lasa tsinontsinona eto. Taorian'ny nampanantenako ny olona fa hiverina amin'ny fiangonana aho, matetitetika, ka hanampy azy ireo. Izay no antony nihazonako an'io tahaka an'izany, satria nanao fampanantenana iray taminareo olona aho. Izany no mahatonga ahy hijanona miaraka aminy tahaka an'izany, raha tokony hanana isam-batan'olona iray. Noho izany, raha manao an'ilay izy ianareo, dia izany no manipy azy mankany amin'ny rafi-pandaminana iray. Ary manohitra mafy ny rafi-pandaminana aho. Noho izany izaho—hihazona an'izany fotsiny

amin'izay maha-izy azy aho, eo an-tànan'Andriamanitra, mba ahafahantsika mandroso ho an'ny Fanjakan'Andriamanitra.

23 Ankehitriny, izao maraina izao, dia te-hianatra an'ity Teny tranainy voatahy ity isika, ary hino.

24 Ankehitriny, izaho dia te-hilaza, ihany koa . . . Mahita an-dRahalahy Egan sy ny maro aho, ny sasany amin'ireo mpitantan-draharaha mipetraka eto, rehefa avy nanana ny fivorianay mpitantan-draharaha izahay, indray hariva; marina izany, ambarako ampahibemaso eto anatrehan'ny fiangonana, fa ny tsirairay avy aminareo rehetra dia tsy—tsy mpitantan-draharaha voatendry intsony. Mpitantan-draharaha voafidy ianareo, ary ao anatin'ireo boky ny anaranareo. Eny àry.

25 Ary ankehitriny dia hanana fifidianana sasany amboniny izy ireo an'ny—an'ireo diakona, sy ny sisa. Ary Rahalahy Neville dia, hiantso azy ireo aorian'ity fotoana ity avy hatrany, eny àry, sy ho an'ny mpitahiry vola sy ny sisa, raha mametraka tsara ny fiangonana isika. Ataovy, ny fototra rehetra, ho vonona, avy eo dia afaka hanana fifohazana iray isika araka ny ahatongavany.

26 Ankehitriny, alohan'ny hitodihantsika amin'ireto pejy eto ireto mihitsy, ho an'ny lesona sekoly Alahadintsika, ho amin'ity Teny lehibe an'Andriamanitra velona ity, dia ndao isika hanondrika ny lohantsika, fotoana vitsy, raha miresaka amin'ilay Mpanoratra an'ity Boky ity isika. Ary ankehitriny dia esory ny fisainana rehetra, ny zavatra rehetra izay mifanohitra, misakana anareo tsy hahazo fitahiana iray.

Ndao isika hivavaka.

27 Andriamanitra masina sy marina indrindra, ao amin'Ny Fanatrehanao mendrika hajaina no idiranay ankehitriny, manolotra ny fiainanay ho Anao, sy ny—ny fanahinay, sy ny tenanay, sy ny asanay, ary ny talentanay. Koa izay rehetra anananay, dia atolotray Anao izy ireo. Ary raha mijery anay Ianao, Tompo, raha misy fahotana mihanjahanja sy tsy voaaiky, dia hangataka Aminao izahay, O Tompo Andriamanitra, mba Hampiharanao ny Ràn'Ny Zanakao, Jesosy, eo amin'izany toerana izany. Satria, fantatray fa tsy ampy izahay ao amin'ny tenanay, ary tsy ho vitanay ny mba hahavita-tena. Fa miankina tanteraka amin'Ny Ràny sarobidy izahay, sy ny Fahasoavany mba hampiharina eo amin'ny filazanay, mba hahatonga anay mpanota tsy mendrika ho tonga ara-batana eo amin'Ny Fanatrehanao indray andro any, mitondra eo anoloanay an'io Ràn'ny Tompo Jesosy io. Fa, Ianao, tamin'ny fotoana lasa, dia efa nahafantatra an'izany ho ny Ràn'Ny Zanakao lahitokana, sy nanao an'ilay teny fikasana, hoe, "Amin'ny Alàlany, raha miaiky ny fahotanay izahay, dia hohamarinina nohon'ny Fahasoavany."

28 Ary hangataka izahay ankehitriny, Tompo, mba Hamelanao anay ny amin'ny hadisoana rehetra, ny fahotan'ny fandikan-dalàna rehetra na fanadinoina, fahadisoana, ka raha misy

fisainan-dratsy iray izay nanindrona ny fanahinay, nohon'ny zana-tsipika mirehitra afo avy amin'ny devoly, mba Ianao no handroaka an'io Fahavalonao ratsy, sy an'ny Olonao io.

29 Ary hangataka izahay mba Handefasanao ny Fanahy Masina hihazona ny Teny amin'ity fotoana ity, raha manolotra ny tenanay ho fitaovana izahay, ka Ianao no hiteny amin'ny alàlanay, sy hihaino amin'ny alàlanay, Ny Teninao. Ary ho valiny dia enga anie izahay handray an'Izany ho avy Aminao, ka hiala amin'ity toerana ity, androany, hahatsapa fa efa voahitsy indray ho an'ny anton'i Kristy izahay; mba hahatonga anay ho metimety kokoa ho an'ny asa rahariva sy rahampitso, nohon'ny famangian'ny Fanahy Masina.

30 Tahio ireo rahalahinay hatraiza hatraiza, ireo fiangonana manerana an'izao tontolo izao, izay mihazona hatrany ny Tenin'ny Fiainana ao amin'izao andro ratsy izao. Tsapanay fa tsy misy fotoana betsaka intsony tavela mba hiasana, satria avy faingana ny alina. Mikopakopaka indray ireo rahon'ny ady. Antomotra ny ratsy, ka mivavaka izahay mba Hamelanao anay hiasa tsy tahaka ny taloha intsony. Omeo fitsaharana ny vatanay reraka, Tompo, ary avereno any amin'ilay ady indray izahay. Fa mangataka an'izany amin'ny Anaran'ny Tompo Jesosy izahay, ary nohon'ny Aminy no ivavahanay. Amena.

31 Raha manokatra isika, izao maraina izao, ny Baiboly, ao amin'ny—ny toko faha-11-n'ny Bokin'ny Hebreo.

32 Tamin'ny Alarobia hariva isika dia niresaka teo amin'ny toko faha-7-n'ny Bokin'ny Hebreo, ny amin'i "Melkizedeka, tsy nanan-dray, sy tsy nanan-dreny, tsy nanana voalohan'andro, na fiafaran'ny fiainana."

33 Ary nihevitra aho hoe, angamba, izao maraina izao, dia ho mety tsara ny hanokatra indray an'ity Boky mahafinaritra ity, satria efa manana an'ireo foto-kevitra eo amin'izay iriantsika ho resahana isika, tao amin'ireo famakiana tany aloha. Ary raha dinganina ny eo amin'ny toko faha-10, sy ny toko faha-9, izay lalàn'ny fanatitra, dia ho tonga isika eo amin'ny toerana iray an'ny "finoana." Ary eto ao amin'ny Bokin'ny Hebreo, ny toko faha-11, ka manomboka amin'ny andininy faha-23, tahaka an'izao no amakiantsika Azy:

> *Tamin'ny finoana Mosesy, rehefa teraka izy, dia nafenin'ny raiamandreniny telo volana, satria hitan'izy ireo fa zaza tsara izy; ary tsy natahoran'izy ireo ny didin'ny mpanjaka.*
>
> *Tamin'ny finoana Mosesy, rehefa* tonga *taona izy, dia nandà ny ho antsoina hoe zanaky ny zanakavavin'i Farao;*
>
> *Aleony nifidy ny hiaritra* ny *fahoriana miaraka amin'ny olon'Andriamanitra, toy izay hifaly amin'ny fahafinaretana vetivety amin'ny fahotana;*

Nanao ny fanaratsiana an'i Kristy ho harena be lavitra nohon'ny zava-tsoa an'i *Egypta:*. . . ary dia *nijery* ny *famalian-tsoa.*

Tamin'ny finoana no nandaozany an'i Egypta, tsy natahotra ny fahatezeran'ny mpanjaka: fa naharitra izy, toy ny mahita azy izay tsy hita.

34 Tiako ny haka ny lohahevitra, izao maraina izao hoe, "fifidianana amin'ny alàlan'ny finoana." Ary tiako ny haka ho an'ny lahateny iray, ireo teny telo voalohany an'ny toko faha-23 hoe, *"Tamin'Ny Finoana, Mosesy."* Ary, "fifidianana amin'ny alàlan'ny finoana," ny ankamaroan'ny zavatra izay ataontsika, dia tsy maintsy mifidy amin'ny alàlan'ny finoana isika. Ary ny rehetra izay hitantsika fa nataon'i Mosesy, izay tsy ilaina averimberina, dia tamin'ny alàlan'ny finoana; tsy tamin'ny alàlan'ny fahitana, fa tamin'ny alàlan'ny finoana.

35 Ary ny antony izay nifantenako an'ity izao maraina izao, ho an'ilay fiangonana ao amin'izao toerany izao, dia satria ao amin'ny. . . na dia ireo sekolintsika aza, sy manodidina, dia efa nanana fampianarana siantifika betsaka tokoa isika. Noho izany, nitarika an'ireo olontsika niala lavitra ny finoana isika. Ankehitriny, tsy voaporofon'ny siansa ny finoana. Ny finoana dia izay tsy hitan'ny siansa. Ary isika. . . Raha toa ka verintsika io finoana lehibe io, amin'izay fotoana izay dia ho ao anatin'ny fahamaizinana tanteraka isika, izany. . . tsy mampaninona na tsara toy ny ahoana ny nampianarana antsika, ahoana no ahafahantsika manazava ny Tenin'Andriamanitra, mba hifanaraka amin'ny fomba finoantsika manokana.

36 Tsy misy fomba mba hahafaly an'Andriamanitra, afa-tsy amin'ny finoana irery ihany. Tahaka an'izany no ilazan'ny Soratra azy marina, ary izany dia amin'ny finoana. "Ary raha tsy amin'ny finoana," hoy ny Soratra, "dia tsy misy azo atao hahafaly an'Andriamanitra."

37 Noho izany, raha tsy mifanaraka amin'ny siansa ny finoana, ary ny finoana tsy mifanaraka amin'ny siansa, dia izany no mametraka azy ireo eny amin'ny—eny amin'ny tendrony tsirairay avy, noho izany dia tsy maintsy manao safidy iray tahaka ny nataon'i Mosesy isika. Amin'ny finoana no inoantsika!

38 Ankehitriny, raha verintsika ny finoana, amin'izay fotoana izay dia tsy hahazo valim-bavaka iray avy amin'Andriamanitra mihitsy isika. "Fa izay manatona an'Andriamanitra dia tsy maintsy mino aloha fa misy Izy, ary mpamaly soa an'ireo izay mitady Azy fatratra." Noho izany, raha verintsika ny finoana, dia foana ny fivavahantsika; tsy lasa na aiza na aiza isika.

39 Noho izany dia izay ihany no azontsika eritreretina, izao maraina izao, dia ny mihazona ny finoana. Noho izany, raha verintsika ny finoana, dia lasa ny fanantenantsika rehetra. Ary raha verintsika ny finoana, dia lasa ireo zava-misy

ara-panahintsika rehetra. Satria, tsy afaka hanana finoana amin'ireo zavatra izay hitanareo ianareo, fa mety levona avokoa ireo zavatra izay jerenareo.

40 Raha mijery olona malaza iray isika, mpitoriteny malaza iray, na fiangonana malaza iray, dia ho levona avokoa izy rehetra, indray andro any. Ary raha mijery firenena malaza iray isika, na fiadiana malaza iray, dia ho levona avokoa izy rehetra, indray andro any. Ary noho izany dia tsy maintsy mivelona amin'ny finoana isika, ny amin'ireo zavatra izay tsy ambaran'ny siansa. Amin'ny finoana no inoantsika.

41 Ankehitriny, verintsika ny voninahitsika raha verintsika ny finoana. Ankehitriny, raha manalavitra ny finoana isika, amin'izay fotoana izay dia mitondra ny fiangonana ao amin'ny sehatra ara-tsaina iray.

42 Ary matetika, dia noeritreretina, teo anivon'ny olona, hoe satria midadasika ny fiangonana iray, ary nanana fiangonana lehibe izy ireo, tilikambo lehibe, sy olona lehibe iray, tsara akanjo betsaka sy ambony, ary famatsiam-bola betsaka, ka afaka misahana ny zavatra tahaka an'izany, isika, matetika, no nihevitra fa ara-tsindrimandry izany, hoe ity fiangonana iray ity dia tsy maintsy voatsindrimandry. Na, mazàna isika dia nitodika tamin'ireo mpitoriteny samihafa izay mivoaka eny amin'ny saha ka mahazo fanangonan'olona lehibe, dia mihevitra isika, indraindray, fa izy ireo no famantaran'ny tsindrimandry. Saingy tsy izany rehetra izany no fahamarinana. Tsindrimandrin'olombelona izany.

43 Fa ny tena tsindrimandry dia tonga amin'ny fanaovana ny sitrapon'Andriamanitra. Hitanareo? Na anankiray izany, na eran'ny tànana fotsiny. Na fiangonana goavana iray izany, na fiangonana kely iray, tsy mampaninona izany. Na mpikabary malaza iray izy, mahay mandaha-teny, na lehilahy iray fotsiny izay zara raha mahafantatra ny ABD-ny, tsy mampaninona izany. Izany dia miankina amin'ny hafatra izay entiny, na voatsindrimandrin'ny Tenin'Andriamanitra ve ilay izy, sa, voatsindrimandrin'ny fandraisana ara-tsaina avy amin'ny tsindrimandrin'olombelona?

44 Ny olona sasany dia afaka ny ho voatsindrimandry nohon'ny mpikabary mahay mandaha-teny iray. Tsy izany no manao an'ilay izy ho marina. Indraindray dia voatsindrimandry izy ireo satria tena niofana ilay lehilahy hany ka afaka mametraka ny heviny eo izy. Tsy midika izany fa hoe avy amin'Andriamanitra ilay izy. Hitanareo?

45 Izany dia amin'ny alàlan'ny Teny mandrakizain'Andriamanitra irery ihany, voatahy Mandrakizay, no ahafahantsika mandray tsindrimandry, ary izany dia omen'ny Fanahy Masina. Amin'ny finoana no andraisantsika an'izany.

46 Ankehitriny dia hieritreritra an'i Mosesy isika, sy ity fotoana lehibe an'ny fiainany ity. Ary miverina mamaky isika, ny amin'ny fahaterahany, hoe ahoana no niahian'Andriamanitra azy, saingy tonga ny fotoana anankiray teo amin'ny fiainan'i Mosesy izay tsy maintsy nisy fotoam-pifidianana iray. Raha mamaky tsara isika, dia hitantsika fa zanaky ny zanakavavin'i Farao izy, sady mpandova an'ilay seza fiandrianana, ary tokony ho ny farao manaraka tany Egypta. Noho izany dia nahamarika izy raha nijery nanodidina, rehefa tonga teo amin'ny taona sy ny andraikitra, ary nisy an'ireo andevo teo izay niasa tao anatin'ireo lava-potaka. Ary Mosesy, raha nijery avy teo amin'ny varavarankelin'ny lapa izy, teo amin'ireo andevo iray ihany izay nojeren'i Farao, saingy fahasamihafana iray toy ny inona no teo amin'ilay fijerena.

47 Te-hifototra amin'io fisainana io aho, izao maraina izao, mandritry ny minitra vitsy, ary enga anie ilay Andriamanitry ny Lanitra hametraka an'izany ao amin'ny fo tsirairay eto. Izany dia hoe ahoana no hijerenao ny zavatra iray, inona no manao an'ilay fahasamihafana.

48 Ilay evanjelista malaza, John Sprawl, izay niova fo iray tao amin'ny asam-panompoan'i Rahalahy Bosworth, firy aminareo no mahatsiaro taona maro lasa izay, ny amin'ny Old Glory Barn. Nilaza izy, fa nanao dia iray indray andro, talohan'ny nahafatesan'ny sakaiza malalany sy vadiny. Tany La Salle izy ireo, Lorraine, France. Ary efa nanana tombontsoa nitsidika an'ilay toerana iray ihany aho. Koa nitondra azy ireo nanerana an'ireo zaridaina ilay mpitari-dàlana, ka naneho zavatra samihafa tamin'izy ireo. Dia tonga teo amin'ny tsangambato iray an'ny Tompo Jesosy izy ireo, ny fanohomboana. Ary nijoro Atoa. Sprawl, nijery an'izany, izy sy ny vadiny, fa, tao am-pon'izy ireo, dia nitsikera an'izay tsy maintsy nananan'ilay artista tao an-tsaina, na ilay mpanao sokitra, raha ny marina, rehefa nikapa avy tamin'ny vato iray izy, tena zavatra iray mampahatahotra tahaka an'izany mba hanehoana ny fiaretana sy ny fitiavana ary ny fiantran'ny Tompo Jesosy, ary ahoana fa tsy voamboatra tanteraka ilay izy sady endrika voakapa. Ary nanatona an'Atoa. Sprawl ilay mpitari-dàlana, ka hoy izy hoe, "Tompoko, ataoko fa mitsikera an'ity tsangambaton'ny Tompo Jesosy ity ianao."

Ary hoy izy hoe, "Mitsikera aho."

49 Dia hoy izy hoe, "Tsy mahataitra ahy izany na kely aza, satria ny ankamaroan'ny olona izay mijery azy, voalohany, dia mitsikera azy izy ireo."

50 Ary hoy Atoa. Sprawl hoe, "Nahoana, tsy afaka mahita fiantrana anankiray na tsindrimandry iray aho amin'ny fijerena zavatra iray tahaka an'izao, noho izany dia manontany aho hoe nahoana ilay mpanao sokitra no nanao azy rehetra ho tahaka an'izao."

51 "Ary ilay mpanao sokitra . . . " Hoy izy, "Atoa. Sprawl, mety tsara ity tsangambato ity, ary nanana an'ilay zavatra tsara tao an-tsainy ilay mpanao sokitra. Saingy ilay olana dia, dia aminao. Ilay fomba ijerenao azy izany." Koa noraisiny tamin'ny tànany izy sy ny vadiny, ary notarihiny teo amin'ny alitara iray izy ireo teo an-tongotr'io voalaza hoe hazo fijaliana io. Ary hoy izy hoe, "Ankehitriny, Atoa. Sprawl, miandrandrà ankehitriny." Ary rehefa niandrandra izy, dia nolazainy fa toy ny hoe niala taminy ny fony. Fahasamihafana toy ny inona ilay izy, ny mitsangana teo ka nijery azy tahaka an'*izao*, sy ny midina ka mijery azy amin'ny fomba izay natao hijerena azy.

52 Ary tahaka an'izany Andriamanitra. Tahaka an'izany ny finoana. Izany dia ny fomba ijerenareo azy. Raha mijery azy ho toy ny karazana tantara ara-Baiboly iray ianareo, na zavatra iray izay efa tany amin'ireo andro lasa, dia tsy ho afaka hahita ny tena vidin'ny Baiboly. Natao hampilefitra ny lohalikareo ianareo, ka hankatò an'ireo didin'ity Baiboly ity, ary mijery Azy amin'ny alàlan'ireo mason'ny Fanahy Masina.

53 Hanontany an'ity mpanatrika ity aho, izao maraina izao. Inona no soa ataon'Andriamanitra iray ara-tantara amintsika androany raha tsy Izy no ilay Andriamanitra tsy miova? Inona no soa ataon'Andriamanitra iray, izay naka an'i Mosesy ka nanao an'ireo fahagagana niaraka taminy izay nataony, inona no soa hataon'izany amintsika raha mamaky Andriamanitra iray tahaka an'izany raha tsy Izy no ilay Anankiray tsy miova androany? Inona no soa amin'Andriamanitra iray izay afaka nanafaka tamin'ny lafaoro afo, ireo zanaka Hebreo, raha tsy Izy no ilay Andriamanitra tsy miova androany? Inona no soa amin'Andriamanitra iray izay hitsara eo amin'ny marina sy ny diso, tamin'ny andro lasa iray, ka nanasazy an'ilay diso fa nitahy an'ilay marina, raha tsy Izy no ilay Andriamanitra tsy miova androany? Ho an'ny inona no andehanantsika any am-piangonana? Nahoana isika no mifady an'ireo zavatr'izao tontolo izao, raha tsy Izy no ilay Andriamanitra tsy miova amin'ny fitsarana tsy miova, sy ilay hevitra tsy miova izay naha-izy Azy foana? Inona no soa ho an'Andriamanitra iray izay afaka nikasika ny tànan'ny vehivavy iray niaraka tamin'ny tazo mahery, ka nijanona ilay tazo, raha tsy Izy no ilay Andriamanitra tsy miova androany? Inona no soa hanompoana Andriamanitra iray izay afaka niantso ny Sakaizany avy tao amin'ny fasana iray, rehefa avy maty efatra andro, raha tsy Izy no ilay Andriamanitra tsy miova androany?

54 Amin'ny finoana no inoantsika fa amin'ny andro iray be voninahitra dia hiantso antsika hiala amin'ny tany Izy, na dia lavenona eran'ny sotro iray fotsiny aza isika. Ahoana no anaporofointsika an'izany? Tsy manaporofo an'izany isika. Mino an'izany isika. Tsy nangatahana hanaporofo na inona na inona isika. Nangatahana hino an'izany isika.

55 Tamin'ny finoana Mosesy no nanao an'*izao-sy-izao*. Ary tahaka an'i Mosesy, amin'ny maha-tovolahy iray, nijery teo amin'ny varavarankelin'ny lapa, an'ireo andevo, dia nahita an'ilay andian'andevo iray ihany nitsitokotoko, naloto, nihosom-potaka izy izay hitan'i Farao.

56 Ary rehefa nijery azy ireo i Farao, sy ireo Egyptiana, dia tsy nisy afa-tsy andian'andevo iray izy ireo. Izay ihany no nilaina azy ireo; ny ho olombelona mihosom-potaka fotsiny, mba hanao rihitra biriky ho an'ny tombontsoan'ireo tanàna izay naorin'i Farao. Izany no fomba nijeren'ireo Egyptiana sy Farao an'ireo andevo.

57 Fa Mosesy, rehefa nijery azy ireo izy, dia fijery hafa iray no nananan'i Mosesy. Rehefa nahita izy, nandalo teo amin'ilay varavarankely, ireo loto be teo amin'ny tavan'izy ireo, ireo ranomaso izay nikoriana teo amin'ny takolak'izy ireo, ary ireo vatany folaka, dia nijery azy ireo amin'ny maha-vahoakan'Andriamanitra izy. Tsy nijery azy ireo amin'ny maha-andevo izy. Nijery azy ireo amin'ny maha-vahoaka voafidin'Andriamanitra izy.

58 Ary, oh, raha madiva handeha aho, avy amin'ny tanàna mankany amin'ny tanàna, ary avy amin'ny firenena mankany amin'ny firenena, hitory teny! Hatramin'izay nandaozako an'ireo varavaran'ity tabernakla kely ity, izay fikambanana iray itambaran'ny anaram-piangonana, izay tsy misy lalàna afa-tsy fitiavana, tsy misy boky afa-tsy ny Baiboly, ary tsy misy fanekem-pinoana afa-tsy Kristy, dia efa niezaka aho ny hijery teo amin'ireo zanak'Andriamanitra, sy teo amin'ilay nolavina, amin'ny maha-vahoaka nofidian'Andriamanitra sy voafidy. Tsy manontany azy ireo aho raha mikambana amin'ny Branham Tabernacle izy ireo. Tsy manontany azy ireo aho raha Metodista izy ireo, na raha Presbyterana izy ireo, na raha Pentekotista izy ireo, na Nazareana, na Mpivahinin'ny Fahamasinana. Te-hijery azy ireo amin'ny maha-vahoakan'Andriamanitra fotsiny aho. Ary mahita ny fanaon'izy ireo sy ny fihetsiny, fa izy ireo no mpanompon'ny Tompo Andriamanitra. Ary maniry fiombonana miaraka amin'izy ireo ny foko, tsy mampaninona izay marika entiny. Maniry mafy ny fiombonan'izy ireo fotsiny aho. Tiako izy ireo satria fantatro fa vahoakan'Andriamanitra izy ireo.

59 Rehefa mahita vehivavy iray mandeha eny an-dàlambe aho, miaraka amin'ny zipo lava, ka ny volony dia voalamina tsara mankany aoriana, sy—sy manao fitafy maotina; ary mahita ramatoa tanora iray aho, angamba mitovy taona, manao sorta kely iray; izy dia mety, amin'ny fijery, ho indroa tsara tarehy noho ilay vehivavy niaraka tamin'ny volo lava, araka ny fijerin'izao tontolo izao, saingy haka ny andaniko miaraka amin'ilay zazavavy izay niakanjo tahaka ny Kristiana iray aho. Na dia hihomehy azy aza izy ireo, sy hiantso azy ho fanatika iray, dia mbola, haka ny andaniko aho. Mety tsy ho tsara tarehy noho

ilay zazavavy hafa izy, ara-pisehoana, saingy mahita zavatra izy. Amin'ny finoana no ahitany Azy Izay tsy hita, Izay mitaridàlana ny fiainany.

60 Rehefa mahita ny lehilahy eo amin'ny asa aho, izay antsoina hoe "diakona," na "mpitory teny," na "fanatika iray," satria mandà ny hifoka izy, sy ny hisotro labiera, ary mandeha any amin'ireo fandihizana, tahaka ny sisa amin'izy ireo, ka izy dia nantsoina hoe "fanatika iray," dia manohana azy ny foko. Rahalahiko izy, ao amin'ny tanin'i Egypta, izay manao ny fontsika maniry mafy ny hanoroka azy ka hanao hoe, "Rahalahy, mpivahiny sy vahiny isika, amin'ity tany ity, ary maniry mafy aho ny hiombona aminao."

Tsy maintsy nanao safidy iray i Mosesy, fifidianana amin'ny finoana.

61 Tovolahy firy no hitsambikina eo amin'ilay fanararaotra ho lasa zanaky ny zanakavavin'i Farao! Tovolahy firy no hitsambikina eo amin'ilay fanararaotra izay nananan'i Mosesy, mba hifaly amin'ireo fahafinaretana sy ny famirapiratan'izao tontolo izao, mba ho lasa mpanjakan'i Egypta, ny hanana an'izao tontolo izao eo an-tongony! "Zavatra adala iray toy ny inona," no tsy maintsy ho noeritreretin'ireo tovolahy tamin'ny androny hoe, "rehefa nisafidy ny handray ny toerana niaraka tamin'ilay vahoakan'Andriamanitra ory sy nijaly i Mosesy."

62 Nahoana izy no nanao an'izany? Tamin'ny finoana, rehefa nanandratra ny masony izy, dia nijery ny tany ankoatr'ilay famirapiratan'ity izao tontolo izao ity. Nijery ny tany ankoatr'ireo fahafinaretan'ny fahotana izy. Ary ny Baiboly no nilaza fa niaritra izy raha nijery Azy Izay tsy hita, tamin'ny finoana, ka nanao safidy iray hanompo an'io Andriamanitra io tsy mampaninona izay niseho.

63 Tsy niova izany. Maro amintsika no afaka mandeha any amin'izay antsointsika ho tranobe tsaratsara kokoa. Afaka mifaly isika, angamba, ilay fiombonana sy ireo fahafinaretana amin'ny fipetrahana eo amin'ny dabilio iray tsaratsara kokoa. Mety ho malaza kokoa isika, raha misotro sy mifoka, ary miakanjo sy mihetsika tahaka an'izao tontolo izao. Saingy inona ny olana? Nanandratra ny masonareo ianareo, ka amin'ny finoana no ahitanareo Azy Izay tsy hita, ary naka ny toeranareo niaraka tamin'ilay nolavina sy mody antsoina hoe holy-rollers an'ilay andro. Satria amin'ny finoana no ahitantsika Azy Izay tsy hita, nifidy ny hiaritra an'ireo fanenjehana sy ny fahoriana.

64 Tsy nilaza tamin'ny olona aho hoe tokony hisafidy ny ho ory izy ireo. Tsy milaza aho hoe tokony hisafidy fiaretana ianareo. Tsy ho zavatra fanaon'olombelona izany. Fa raha fiaretana no mipetraka eo amin'ilay làlan'andraikitra, amin'izay fotoana izay dia ndao isika handray an'izany arak'izay ahatongavany. Tsy tiako ianareo hanao zavatra hanesoan'ny olona anareo.

Tsy tiako ianareo hilaza zavatra hafa, hoe, "Izaho dia... Izaho dia mikambana amin'ny fiangonana iray izay tsy mino an'*izao-sy-izao,* eto amin'izao tontolo izao," sy ireo zavatra tahaka an'izany, hanao ny olona haneso anareo fotsiny. Mitondra an'izany eo amin'ny tenanareo ianareo. Tsy hilaza aminareo aho mba hivoaka eto ka hanao hadalana sy hanao zavatra izay nihoa-pefy. Tsy tiako hanao an'izany ianareo, mba hahatonga ny olona iray hilaza fa fanatika iray ianareo. Mitondra an'izany eo amin'ny tenanareo ianareo. Fa raha mipetraka eo amin'ny làlan'andraikitrareo mankany amin'Andriamanitra izany, dia avelao hilaza an'izay tiany ho lazaina izao tontolo izao. Manohiza miaina.

Manao safidy iray ianareo. Tsy maintsy manao an'io ny lehilahy sy vehivavy rehetra.

65 Ahoana moa raha afaka nahita an'izay hitan'i Mosesy i Farao? Nahita ny fiaretan'ny olona izy. Fantany hoe inona ilay vidiny tsy maintsy aloa. Saingy tamin'ny finoana no nisafidianany an'izany, toy izay nahazo an'ireo fahafinaretan'ny fahotana.

66 Misy angamba ireo ramatoa kely, tanora izay mipetraka eto, toy ny vehivavy tanora mamirapiratra. Izao tontolo izao dia te-hilaza aminareo hoe, "Ataovy *izao-sy-izao*. Tsara tarehy ianao. Tena tsara voatra ny vatanao. Tokony hasehonao izany."

67 Saingy, ranabaviko, asandrato ny masonareo ka jereo ny any ankoatran'izany, ho any Aminy izay nilaza hoe, "Fahavetavetana ho an'ny vehivavy iray ny manao fitafian-dehilahy."

68 Raha ireo lehilahy avy amin'ny olona ao amin'ny fikambananareo, raha ireo vehivavy izay ikambananareo, no nanao hoe, "Tapaho io volo lava io. Hangatsiaka kokoa izany. Izany dia ho *ity, itsy*, na ny *hafa*." Na, "Izany dia hahatonga anao ho tsaratsara kokoa." Aza mihaino an'izany ianareo!

69 Nanandratra ny masonareo ianareo, ary tamin'ny finoana dia nahita Azy izay nanao hoe, "Ny volon'ny vehivavy no voninahiny, ka tsy hanapaka an'izany izy."

70 Raha hoy izy ireo hoe, "Izany dia halaza kokoa. Haharitra kokoa amin'ny asanao ianao, na miaraka amin'ny mpampiasa anao, raha handray fiaraha-misotro iray. Raha hifoka sigara tahaka ny sisa amin'ireo vehivavy ianao, dia haharitra kokoa ao amin'ny fiarahana amin'ny mpiara-monina aminao."

71 Amin'ny finoana dia asandrato ny masonareo ka jereo Izy Izay nanao hoe, "Simbao io vatana io, dia Izaho no handrava azy." Amin'ny finoana no inoantsika an'ireo zavatra ireo. Tsy zavatra izay hitanareo izany. Zavatra izay inoanareo izany. Tamin'ny finoana, no nanaovan'i Mosesy.

72 Ary ao amin'izao fizoran'ny finoana izao, dia tonga ny fotoana anankiray izay tsy maintsy hisian'ny safidy iray.

73 Nanao an'io safidy mampalahelo izay ataontsika io i Lota. Imbetsaka no isafidianantsika ho an'ny soa ho antsika manokana. Misafidy an'ireo zavatra izay ho tsaratsara kokoa isika.

74 Indraindray raha misy fifandirana kely iray tonga ao amin'ny fiangonana, ka hoy ny olona iray hoe, "Eny, miandany amin'ity ilany ity ny diakona na ny pasitera." Aza mijery an'izany. Jereo izay marina. Vahao izany zavatra izany ary atambaro izy roa ireo. Izany no avy amin'Andriamanitra.

75 Misy ny safidy iray. Ary misafidy ho an'ny tenantsika isika. Misafidy zavatra iray izay ho an'ny soa antsika manokana isika.

76 Fa i Mosesy dia nisafidy an'ireo fahoriana sy henatra, mba ahafahany mandeha miaraka amin'ny olon'Andriamanitra. Eritrereto izany ankehitriny. Henoy izany. "Nisafidy an'ireo fahorian'ny olon'Andriamanitra, ka nanao an'izany ho harena be lavitra, fa niaritra izy, nijery Azy Izay tsy hita."

Ankehitriny, Lota, indray mandeha, dia tsy maintsy nanao safidy iray.

77 Ary angamba, izao maraina izao, dia hisy lehilahy sy vehivavy mipetraka eto, izay hanao ny safidinareo farany. Ianareo androany dia izay maha-izy anareo, satria taona maro lasa izay no efa nisafidiananareo an'izay haha-izy anareo ankehitriny. Ary izay safidianareo ankehitriny no hametra an'izay haha-izy anareo dimy taona manomboka androany. Dimy taona manomboka androany dia mety ho misionera iray ianareo. Dimy taona manomboka androany dia mety ho Kristiana malaza iray ianareo.

78 Na, dimy taona manomboka androany dia mety ho any amin'ny helo ianareo, satria nanao an'ilay safidy ratsy. Dimy taona manomboka androany dia mety ho mpanadio roramparaky any anaty trano fisotroana iray ianareo. Dimy taona manomboka androany dia mety ho mpivarotena iray eny andàlambe ianareo.

79 Na, ianareo mety ho lehilahy iray na vehivavy iray izay ho—izay tombony iray ho an'ny orinasa iray, nohon'ny safidinareo ho an'i Kristy. Dimy taona manomboka androany dia mety ho any amin'ny Voninahitra ianareo, lasa any amin'ny Fampakarana, satria nanao ny safidinareo androany.

80 Fa tsy maintsy misafidy ianareo. Ary aza mijery izay hitanareo. Misafidiana an'izay hitanareo amin'ny finoana. Izany ihany no zavatra izay hikaonty, dia izay safidianareo amin'ny finoana.

81 Lota, satria tsy maintsy nanao safidy iray izy. Nomen'i Abrahama an'i Lota ny safidiny.

82 Ary manome anareo ny safidinareo Andriamanitra. "Misafidiana amin'ity andro ity izay ho tompoinareo." Tao

amin'ny sahan'i Edena dia nisy ny hazon'ny—ny fahalalana, sy ny Hazon'Aina. Nomena tombontsoa hisafidy ny anankiray izay niriany ny olona. Ary toy izany koa amin'izao andro izao. Nomena anareo ny tombontsoanareo, araka ny safidy malalaka, hisafidy an'izay tianareo ho safidiana.

83 Ny toro-hevitro aminareo, dia, aza mijery an'ireo zavatra moderina manodidina anareo, sy ny laza ary ny famirapiratana izay mety haha-izy anareo. Fa misafidiana, raha ny marina, amin'ny finoana, Azy izay nanome ny teny fikasana hoe indray andro any dia ho avy Izy ka hanitsy ny diso rehetra, ary hanome anareo ny Fiainana Mandrakizay, sy hanandratra anareo. Tsy mampaninona raha handray an'ilay làlana natao tsinontsinona miaraka amin'ilay olom-bitsin'ny Tompo aza ianareo, izany safidy izany hatao. Raha misy olana eo amin'ny tànana, raha misy olana eo amin'ny firenena, raha misy olana ao amin'ny fiangonana, raha misy olana ao an-tokantrano, tsy mampaninona na aiza ilay izy na aiza, ataovy ny safidinareo hoe, "Amin'ny finoana, dia hanompo an'Andriamanitra aho. Haetriko eo amin'Ny Fanatrehany ny foko. Handray ny làlana miaraka amin'ireo zanak'Andriamanitra aho. Hitako izy ireo fa natao tsinontsinona sy nolavina, ary noroahina sy nesoina, saingy mbola hihazona ny toeran'andraikitro foana aho. Hijanona tsara eo aho. Ary rehefa mitomany izy ireo, dia hitomany miaraka aminy aho. Ary rehefa malahelo izy ireo, dia halahelo miaraka aminy aho. Ny fomba iainan'izy ireo, no hiainako."

84 Tahaka ny nolazain'i Naomy . . . Na, nolazain'i Rota tamin'i Naomy hoe, "Ireo làlanao no ho làlako. Ireo làlako no ho làlanao. Izay itoeranao, no hitoerako. Izay alehanao, no halehako. Ny Andriamanitra izay tompoinao no ho Andriamanitro." Raiso izany safidy izany, na dia hanendaka an'ilay tena hoditry ny fieritreretanareo aza izany, an'ny fiheverana fa olona malaza iray ianareo. Endaho amin'ny tenanareo ny hoditrareo ka raiso ny làlanareo miaraka amin'ilay olom-bitsin'ny Tompo natao tsinontsinona, ary mijanòna mahatoky eo amin'ny sahan'ny asa sy eo amin'ny toeran'andraikitra.

85 Nijery nanodidina i Lota. Hoy izy hoe, "Manana safidy iray aho." Dia nijery nankany Sodoma izy. Hitany fa ireo saha tsara feno ahitra no tsaratsara kokoa noho izay hitan'i Abrahama, sy izay nisy an'i Abrahama. Hitany ireo fanararaotra hampiraofana ahitra ny biby fiompiny, mba hahazoana biby fiompy matavy kokoa sy tsaratsara kokoa.

86 Manantena aho fa tsy mandratra ny fihetseham-pon'ny olona iray. Saingy izany no ijoroan'ireo mpitoriteny marobe, hanao marimaritra iraisana amin'ny Filazantsara, mihevitra fa hahazo vola betsaka avy amin'izany izy ireo. [Mitehaka ny tànany intelo Rahalahy Branham—Mpand.] Tapakilan-tsakafo iray! Aleoko miaina ao amin'ny tany tsy mamokatra, mihinana,

misotro avy amin'ny rantsan-kazo iray, sy mihinana mofo maina, toy izay hanao marimaritra iraisana eo amin'ny fandresendahatry ny finoako ao amin'ny Tenin'Andriamanitra velona. Handray ny làlako aho.

87 Hoy ny sasany tamin'izy ireo hoe, "Billy, inona ny olana amin'ny fivorianao, satria misy Pentekotista marobe ao amin'izany." Mpitoriteny ara-anaram-piangonana iray malaza no nilaza an'izany.

Hoy aho hoe, "Hanohana ny fivoriako ve ny anaram-piangonanao?"

88 Vao tsy ela akory izay, tao amin'ny magazina *Look*, mino aho, dia nisy lahatsoratra iray. Ary ilay mpanoratra dia nilaza tao, niresaka mikasika an'ireo olona Pentekotista. Hoy izy hoe, "Ny fiangonana Pentekotista no fiangonana mitombo haingana indrindra eto amin'izao tontolo izao amin'izao andro izao." Nahoana? Dia satria nanandratra ny masony ireo lehilahy sy vehivavy ka nijery lavitra be.

89 Ary nidera ny olona Pentekotista ihany koa ilay mpanoratra. Oh, mazava ho azy, hoy izy hoe, "Nisy sasany tamin'izy ireo izay nihoa-pefy, sy ny sisa. Saingy, ny Metodista dia manompo fanekem-pinoana iray. Manompo an'Andriamanitra amin'ny alàlan'ny fanekem-pinoana iray izy ireo. Manao tahaka an'izany ny Batista, sy ireo Presbyterana. Fa ny Pentekotista dia manompo amin'ny alàlan'ny Baiboliny."

90 Amin'ny finoana no ahitantsika ny teny fikasana. Haka ny anjarako miaraka amin'izy ireo aho, tsy mampaninona na impiry izy ireo no atao tsinontsinona, ho isan'izy ireo foana aho. Na dia nesoina aza izy ireo, ka nanana an'ireo ambony-sy-ambaniny, tahaka ny Isiraely, dia tsy te-hitsangana miaraka amin'ilay mpaminany sandoka eo amin'ilay ilan'ny havoana mihitsy aho, Balama iray, ka hiezaka hanozona an'izay notahian'Andriamanitra. Satria, ao amin'io toby io no misy ny Vatolampy nokapohina, sy Fanatitra mihoson-drà iray, ary Andry Afo iray. Tsy mampaninona na ao anatin'ny inona no misy azy ireo, izany no nitarika azy ireo nankao amin'ny fandresena, ka tsy maintsy nanatona an'izany izy ireo, satria izy ireo no vahoaka nampanantenaina izay mandeha amin'ny finoana. Na dia tsy anaram-piangonana iray aza izy ireo, dia nirenireny nanodidina, ary toy izany koa ny olon'Andriamanitra. Fa te-haka ny làlako miaraka amin'izy ireo aho, hikambana aminy ao amin'ny laharany; tsy ao amin'ny anaram-piangonany, fa ao amin'ny fiombonany manodidina an'ireo fanaky ny Fanahy Mandrakizain'Andriamanitra, ka, tamin'ny finoana no nandraisako ny batisan'ny Fanahy Masina. Hanampy ahy anie Andriamanitra mba hanana foana an'izany toetra izany.

91 Mariho. Rehefa nandroso izy ireo, dia hitantsika fa i Lota no nahita an'ireo fanararaotra ho an'ny—ny biby fiompy matavy.

Maro no mahita an'ireo fanararaotra ho an'ny kitapom-bola matavy iray. Maro no mahita an'ireo fanararaotra ho an'ny toerana ara-tsosialy iray tsaratsara kokoa. Nahita an'ireo mety hahazoana dolara vitsy amboniny izy. Nahita an'ireo mety hahalasa ben'ny tanàna izy. Satria vahiny iray, sy lehilahy iray tena mahay, arak'izay naha-izy azy, "Angamba ho lasa lehilahy mpifehy ny tanàna aho." Nahita an'ilay fetezana izy satria nipetraka teo anatrehany izy ireo. Saingy tsy hitany ilay afo izay tsy maintsy handrava an'ilay firenena. Tsy nampionona ny tenany izy, hoe feno fahotana ilay firenena, ka tsy maintsy handrava azy Andriamanitra.

92 Ary, amin'izao andro izao, dia miezaka mampionona ny tenany ny olona amin'ny filazana hoe, "Ianao ve . . . ?"

Hilaza aho hoe, "Kristiana ve ianao?"

93 Hoy izy ireo hoe, "Amerikana aho." Tsy misy idiran'izany amin'io mihitsy toy ny miezaka milaza amin'ny goaika iray fa sahona iray izy. Tsy misy idiran'izany amin'io. [Mitehaka ny tànany indray mandeha Rahalahy Branham—Mpand.]

94 Ho ravàna izy, satria marina Andriamanitra. Ary raha afa-maina amin'ny fahotany i Amerika, ilay marina sy masi-mandidy, Andriamanitra masina dia ho voafatotry ny andraikiny mba—mba hanangana an'i Sodoma sy Gomora ka hiala tsiny amin'izy ireo nohon'ny nandorana azy, nohon'ny fahotany; raha mamela antsika ho afa-maina amin'izany Izy.

95 Raha mamela anareo ho tonga any An-danitra amin'ny asanareo tsy marina Izy, dia hanangana an'i Ananiasy sy Safira Izy ka hanome azy ireo fanararaotra hafa iray. Hanao tokoa Izy. Saingy marina Izy. Ananiasy nahita ny volany. Petera nahita an'i Kristy.

96 Oh, oadray! Tsy nahita ny faharavàn'ireo zanany teo amin'io toerana io i Lota.

97 Maro aminareo, amin'izao andro izao, izay mifikitra manodidina an'ireo fanekem-pinoana ara-pototra tranainy sy ny sisa, tsy mahita an'ilay ditran-jatovo sy ny faharavàn'ny zanakareo ianareo. Tsy mahita ny zanakavavinareo ao amin'ny tranon'ny mpivarotena iray ianareo. Tsy mahita ny zanakalahinareo mamolava iray ianareo, na ao amin'ny latabatry ny karatra iray any ho any.

98 "Satria voatondraka tsara izy." Ary tsy voakasiky ny ota. Tsy hitany fa ny vadiny, ilay lohan'ny fikambanana rehetra, dia nivadika ho andrin-tsira iray, rehefa nijery izy. Tsy hitany izy izay nandositra tamin'ny tendron'ny nifiny fotsiny, ho eo amin'ny tanàna kely iray tany ho any, ho an'ny ainy. Tsy hitany izany, satria nijery an'izay hitany teo anoloany fotsiny izy.

99 Fa, Abrahama, tsy nahamarika an'ilay tany voatondraka tsara izy, satria nanandratra ny masony ka nahita an'ilay

ampitso, satria izy no handova an'ireo zavatra rehetra. Ny tena Kristiana amin'izao andro izao dia manandratra ny masony ka mahita ny teny fikasan'i Kristy hoe: "Sambatra ny malemy fanahy fa izy ireo no handova ny zavatra rehetra. Izy ireo no handova ny tany." Ny tena Kristiana, amin'ny finoana, dia miandrandra ka mahita an'izany. Antsoy amin'izay tianareo iantsoana azy izy. Nanandratra ny masony izy. Ary rehefa nanao an'izany izy, dia hoy Andriamanitra hoe, "Ry Abrahama, mandehana mitety ny tany, anao izy rehetra." Tamin'ny finoana, no nanaovan'i Abrahama an'io; ilay finoana iray ihany izay nananan'i Mosesy.

100 Izao no voasoratry ny mpitantara iray, izay nilaza an'io. Heveriko fa izany no teny mahafinaritra indrindra. Hoe i Abra-. . . "Nalain'i Mosesy ny tsara indrindra avy amin'izao tontolo izao ka napetrany tao amin'ny mizàna iray izany; sy ilay ratsy indrindra avy amin'ny fivavahana, ary napetrany teo amin'ilay mizàna hafa; ka ilay ratsy indrindra avy amin'ny fivavahana dia navesa-danja noho ilay tsara indrindra amin'izao tontolo izao."

101 Toy izany koa amin'izao andro izao, hoe raha antsoina amin'ny zavatra rehetra izay tiantsika hiantsoana antsika isika, "fanatika," na "mpanasitrana avy amin'Andriamanitra," na "holy-roller," na inona tian'izy ireo hiantsoana. Ny ratsy indrindra izay maha-izy antsika dia havesa-danja nohon'ny tsara indrindra izay azon'izao tontolo izao homena. Tian'izy ireo ny hantsoina hoe "lamaody tranainy, lany andro, fanatika." Izany no havesa-danja nohon'ny zavatra tsara indrindra izay mety hatolotry ny devoly anareo. Tena azo antoka mihitsy fa ho izany ilay izy.

102 Nanao ny fanaratsiana an'i Kristy i Mosesy. Nahita mialoha an'i Kristy izy. Taty aoriana dia niteny an'ireo teny mahery sasantsasany voatsindrimandry mikasika Azy izy. "Hitanareo, ny Tompo Andriamanitrareo dia hanangana mpaminany iray tahaka ahy." Nahafantatra izy. Nahita Azy mialoha izy, ary nanao ny fanaratsiana Azy ho harena be lavitra nohon'ny famirapiratana rehetra an'izao tontolo izao.

103 Ry sakaiza Kristiana, androany, tsy afaka manao an'izany ve ianareo? Ka ny famirapiratana rehetra sy ny lazan'izao tontolo izao, amin'ny finoana, dia mahita Azy izay nampanantena isika. Ary ny ratsy indrindra amin'ny fiangonana amin'izao andro izao, ao amin'ny toerany rehetra, kanefa dia havesa-danja nohon'ny zavatra rehetra izay azon'ny devoly atolotra anareo Izany. Raha rotidrotika isika, raha potipotika isika, raha misavoritaka isika ka torotoro, ao amin'ireo anaram-piangonana sy ny fanatisma, dia havesa-danja nohon'ny zavatra rehetra izay azon'ny devoly atolotra anareo izany. Izany tokoa.

104 Nanao ny fanaratsiana an'i Kristy ho harena be lavitra noho ireo zava-tsoa rehetra an'i Egypta izy. Noho izany dia tsy maintsy nanao zavatra iray izy. Nafoiny i Egypta. Oh, tiako izany teny izany. Nafoiny i Egypta. Hitanareo, nijery teo amin'ilay varavarankely iray ihany izy, saingy hafa nohon'ny an'i Farao no nojereny. Ahoana moa raha afaka nahita ny fiafarany i Farao? Ahoana moa raha nahita ny fireneny maty an-drano i Farao? Mosesy no nahita an'izany. Ahoana? Tamin'ny siansa ve? Tamin'ny finoana, no nahitan'i Mosesy an'izany. Ny zavatra rehetra izay nataony dia tamin'ny finoana, satria Andriamanitra no nampanantena an'i Abrahama, rainy, fa Izy dia—hamangy an'io firenena io afaka efajato taona Izy, ka hitondra azy ireo hivoaka. Ary tamin'ny finoana, Mosesy dia nino ny Teny izay nolazain'Andriamanitra, ka nahafantatra ny tenany, araka ny finoana, ho ilay mpitarika voafidy hitondra azy ireo hivoaka. Fantany izay nisy azy. Nandray ny toerany tao amin'ireo lava-potaka izy, ho mpihosom-potaka, ary nanao ny fanaratsiana an'i Kristy ho harena be lavitra nohon'ny mipetraka eo amin'ny seza fiandrianan'i Egypta. Izy dia naka . . . Tsy nilaza mihitsy izy hoe, "Miara-ory amin'izany aho." Naka ny toeran'izy ireo izy ary nandeha niaraka taminy! Voninahitra ho . . . Naka ny toeran'izy ireo izy. Nandeha niaraka tamin'izy ireo isika.

105 Tsy mahagaga raha hoy ilay mpanoratra voatsindrimandry hoe:

> Haka ny làlako miaraka amin'ilay vitsin'ny Tompo natao tsinontsinona aho.
> Nanomboka aho niaraka tamin'i Jesosy, ankehitriny dia manohy aho.
> Eo amin'ny làlako mankany amin'ny tanin'i Kanana aho. (Azo antoka.)

106 Mosesy. Izao no voalazan'ny anankiray hoe naleon'i Mosesy, rehefa afaka ny ho zanakalahin'i Farao izy ka hanana ny famirapiratan'izao tontolo izao, naleony ho zanakalahin'i Abrahama toy izay ho zanakalahin'i Farao. Zanakalahin'i Abrahama iray, ilay natao tsinontsinona, toy izay ho zanakalahin'i Farao, ilay mpanjaka.

107 Aleoko ho zanakalahin'ny Tompo Jesosy, sy mpanompo Sakaizany, ka haka ny toerako miaraka amin'ireo olona nolavin'ity izao tontolo izao ity, toy izay ho Filohan'ity Etazonian'i Amerika lehibe ity, na ho Elvis Presley iray, na Pat Boone iray, na iza na iza tianareo hanaovana azy. Haka ny làlako aho.

108 Tokony haka ny làlany ireo ramatoa tanora. Raha tokony ho—ho Mary Pickford iray, na mpilalao sarimihetsika malaza iray, tovovavy mamiratra iray, dia raiso ny làlanareo miaraka amin'ilay vitsin'ny Tompo natao tsinontsinona.

109 Aleoko ho mpitory teny iray eo amin'ny polipitra, mitory an'ireo haren'i Kristy tsy hita lany, toy izay ho mpilalao sarimihetsika iray an'i Hollywood, na ilay olona malaza indrindra eto an-tany. Raha tsy maintsy hisakafo tapa-kibo aho, hangataka, na inona na inona no tsy maintsy hataoko, dia haka ny làlako miaraka amin'ny olon'ny Tompo aho. Amin'ny finoana, no anaovako an'izany. Efa nomena fanararaotra aho. Saingy, nohon'ny fahasoavan'Andriamanitra, dia mbola mahita foana amin'ny finoana aho.

> Amin'ny finoana dia afaka mahita an'izany avy lavitra aho;
> Ka miandry eny amin'ny faran'ny làlana ny Raintsika,
> Mba hanamboatra toeram-ponenana iray ho antsika Any.

110 Lehilahy iray momba ny hetra amin'ny vola miditra no nilaza, indray andro hoe, "Nahoana no navadikao ho amin'io fiangonana io ny tranonao? Inona no nahatonga anao hanome ny tranonao amina dimy arivo sy roa alina dolara ho an'io tabernakla fakofako antitra kely io?"

111 Hoy aho hoe, "Tsy ilay fiangonana no nanaovako an'izany. Izany dia ireo olona izay ao." Tsy manana na inona na inona avy amin'ny zavatr'ity izao tontolo izao ity aho. Ny iraimbilanja rehetra izay hany noraisiko dia navadiko ho amin'ity fiangonana ity. Nahoana? Amin'Andriamanitra ny finoako, fa tsy ao amin'ireo zavatr'ity izao tontolo izao ity. Ny fitiavako dia any ambony. Ary mino aho fa mitovy amin'izany ny anareo rehetra, raha marina amin'Andriamanitra ianareo. Marina izany, fa izany ianareo. Isika, dia amin'ny finoana, no mandray. Isika, dia amin'ny finoana, no mino an'Andriamanitra.

112 Mosesy, tsy maintsy nanao safidy iray izy. Ary avy eo izy dia tsy maintsy, rehefa avy nanao safidy iray, dia tsy maintsy niady an'ilay finoana, noho izany, satria tsy natahotra ny fahatezeran'ilay mpanjaka izy. Ankehitriny, amin'ny maha-olombelona, dia nanana zò ny hatahotra an'ilay fahatezerana izy. Nanana zò ny hatahotra an'ilay fahatezeran'ny mpanjaka izy, saingy tsy natahotra. Tsy nanao an'izany izy, satria nanana asa iray hatao, ary tao amin'ilay laharan'andraikitra izy. Koa tsy nahoany izay nolazain'ny mpanjaka mikasika an'izany. Naka ny Làlany tahaka an'izany fotsiny izy.

113 Ankehitriny, Farao, mazava ho azy, rehefa hitany fa resy izy, te-hanome an'i Mosesy sy ireo zanaka izy. . . Hoy izy hoe, "Eny àry, ho lazaiko anareo izay hataoko. Mijanòna ato amin'ny firenena fotsiny ianareo rehetra ary mandehana ka manaova fanatitra ho an'ny Andriamanitrareo."

114 Izany no fomba fiasan'ny devoly. "Oh, afaka ny ho mpivavaka ianareo. Nahoana ianareo no tsy mandeha any ka

mikambana amin'ny fiangonana iray? Tsy voatery hanao an'ireo zavatra rehetra ireo ianareo." Lehilahy anankiray no milaza amin'ny vadiny . . .

115 Hoy ilay vadiny hoe, "Ry vadiko, voavonjy aho. Tsy misy fandokoana hoho intsony, na lokomena sy ny karazany. Tsy misy an'izany intsony. Tsy misy fety intsony. Tsy misy an'ireo zavatry ny fikambanana intsony. Afaka amin'izany aho! Hametraka no fotoako amin'ny famakiana ny Teny aho, hikarakara tokantrano."

116 "Ankehitriny, jereo, ry malala. Ianao, afaka ny ho mpivavaka ianao, mety tsara izany. Ankehitriny, jereo, ianao—mandehana ianao *eto*. Lasa any amin'ny fiangonan-diso ianao."

117 Tsia, tsy diso ianareo. Ao amin'ilay marina ianareo. Raha manana mpitory teny iray izay hitory an'ity aminareo ianareo, dia tokony hijanona miaraka amin'izany. Miverena mizaha manerana ny Soratra dia jereo raha marina izany.

118 "Oh," hoy izy, "mandehana *eto*. Izy ireo dia tsy—tsy voatery hanao an'izany izy ireo eto. Hitanao? Tsy manao an'ity ny eto." Izany no fomba . . . "Mandehana lavitra fotsiny." Fa tsy tiany hiala an'ilay firenena ianareo. Tahaka an'izany no ataon'ny devoly. Tsy tiany hiala amin'ireo zavatr'izao tontolo izao ianareo; mampiditra an'izao tontolo izao miaraka amin'ny fiangonana fotsiny.

119 Indray andro, nandeha teny an-dàlana, nandefa ny radio-ko aho. Ary nisy ny—ny hira iray, dia nanohy nihaino aho, ary izaho tsy maintsy naka, saiky, nandinika an'ilay hira, alohan'ny nahafahako hiteny na tena hiram-pivavahana marina tokoa ilay izy, na ny devoly no miezaka mampidina an'ireo zavatr'Andriamanitra hitovy lenta amin'izao tontolo izao. Tsy afaka manao an'izany ianareo! Hamindra fo anie Andriamanitra!

120 Tsy ahoako na raki-kira firy no soratan'i Elvis Presley, amin'ireo hiram-pivavahana tsara rehetra. Mbola azon'ny devoly foana izy. Nandefa ankizy maro tany amin'ny helo izy, sy ireo hetsika rehetra izay fantatro, eto amin'izao tontolo rehetra izao amin'ity andro ity. Pat Boone sy ny sisa amin'izy ireo, nikambana tamin'ny fiangonan'i Kristy izy; ary Elvis Presley, Pentekotista iray; Jodasy Iskariota izy ireo, ao amin'ny endrik'ireo lehilahy ireo. Miezaka mitondra an'ireo zavatra avo an'Andriamanitra ny devoly, mba ahafahan'izy ireo manafangaro azy ireo *eto* ambany eto. Tsy hiandrandra any Ambony ny olona, *Ity*. Mijery *eto* fotsiny izy ireo, manao hoe, "Eny, mitovy daholo izany." Tsy mitovy izany. Mivoaha avy ao amin'ilay firenena.

121 Hoy izy, "Afaka mandeha andro vitsivitsy fotsiny ianareo. Ary raha mandeha ianareo, dia mijanòna ao amin'ny firenena." Azo antoka, fantany fa hiverina izy ireo. Avy eo dia hitany fa

tsy hety izany, noho izany dia nieritreritra zavatra hafa izy. Hoy izy hoe, "Ho teneniko aminareo izay hatao. Mandehana any amin'izay tianareo handehanana, saingy avelao ny vadinareo rehetra, ny zanakareo rehetra, ary ny biby fiompinareo rehetra, hijanona *eto*. Avelao eto izy ireo, fa ianareo no mandeha." Satria, fantany fa nanana fananana izy ireo tany, hanintona azy ireo hiverina.

122 Ary izany no lazain'ny devoly aminareo. Raha mbola mamela ny sasany amin'ireo zavatr'izao tontolo izao hihantona eo aminareo foana ianareo, mbola te-hifoka foana ianareo, te-hisotro ianareo, te-hiakanjo tahaka an'izao tontolo izao ianareo, dia izany tsara mihitsy no tian'ny devoly.

123 Mandre betsaka mikasika ny fiverenan-dàlana aho. Tsy mino aho fa misy fiverenan-dàlana betsaka araka ny fiheveran'ny olona azy. Mamela fananana be loatra any Egypta fotsiny izy ireo hanintona azy hiverina, dia izay ihany. Ny fiverenan-dàlana dia tsy arak'izay ilazan'izy ireo azy. Namela izao tontolo izao be loatra any aoriana ianareo, izany no manintona anareo.

124 Rahalahy, teneniko aminareo, rehefa vonona ny Isiraely, tamin'ny misasakalina, dia nanao ny zavatra rehetra izay nananany teto amin'ity izao tontolo izao ity izy ireo, voafatotra sy vonona handeha.

125 Mandefa fifohazana iray tahaka an'izany ho antsika Andriamanitra. Mamatotra ny zavatra rehetra isika, ary vonona handeha. Tonga ny antson'ny misasakalina hoe, "Mivoaha ianareo hitsena Azy." Tsaratsara kokoa aminareo ny manao ny zavatra rehetra ho voafatotra. Tsaratsara kokoa aminareo ny tsy manana na inona na inona, ity izao tontolo izao ity, hanintona anareo hiverina, ny tady rehetra izay mihazona anareo eto ambany. Afatory. Ndao isika ho vonona. Handeha isika.

126 Ary mba fantatrareo moa? Teneniko aminareo, tena marina loatra tamin'Andriamanitra izy ireo, hany ka tena nientanentana i Farao tamin'ny misasakalina, hoy izy hoe, "Mivoaha! Mivoaha, dia mandehana mandeha. Ento ny zavatra rehetra izay anananareo, dia mandehana!"

127 Tena faly aho fa afaka miaina tena akaikin'Andriamanitra ny olona iray, hany ka tsy mahafantatra izay hataony aminy ny devoly. Marina izany. Mivoaha! Mandehana mandeha! Mankatoava an'Andriamanitra!

128 Tamin'ny finoana, no nahitany ny teny fikasana. Mpihosom-potaka, na tsy mpihosom-potaka, naka ny làlany niaraka tamin'ireo vitsin'ny Tompo natao tsinontsinona izy. Hoy i Farao hoe, "Ento izay anananareo rehetra ary mivoaha miala eto! Tsy fantatro izay hatao aminareo." Tena marina loatra tamin'Andriamanitra izy, tamin'ny finoana.

129 Ny finoana dia hiasa fahagagana, raha hijanona marina amin'Andriamanitra ianareo. Amin'ny finoana, dia mahita Azy isika.

Tapitra ny fotoantsika; nihoatra ny fotoana.

130 Fa, amin'ny finoana, izao maraina izao, dia asandrato ny masonareo. Aza mijery an'izay manodidina anareo, ity izao tontolo izao moderina ity, fa jereo dia hahita Azy Izay manome ny teny fikasana ianareo. Hoy ny Baiboly hoe, "Tsy mahita ny zavatra rehetra tanteraka tokoa isika ankehitriny, saingy mahita an'i Jesosy." Mijere Azy, izao maraina izao, dia hiova ny làlanareo.

131 Raha mbola manondrika ny lohantsika isika, vetivety fotsiny, ho an'ny tonom-bavaka iray. Enga anie ny Tompo hanampy ny Fitahiany amin'ny Hafatra.

132 Eritrereto ao am-ponareo ankehitriny. Efa mba nijery teo amin'ireo zavatr'izao tontolo izao ve ianareo? Amin'ny finoana, dia mahita an'i Jesosy ve ianareo? Mijery ny lazanareo ve ianareo, ny fiangonanareo? Inona amin'izao tontolo izao no toeranareo ara-tsosialy? Sa, mahita an'i Jesosy ianareo Izay, tamin'ny fitserana, nametraka ny Tenany teo an-tànana ankavanan'ny Fiandrianana any amin'ny Avo, Izay niaritra ho maritiora iray, ilay marina ho an'ny tsy marina? Tsy afaka manandratra ny masonareo ve ianareo ka mahita an'io Hazon'Aina any io? Noho izany, dia ilaozy io hazon'ny siansa sy ny fahalalana io, ka manompoa Azy.

133 Tianareo ve ny hotsaroana ao amin'ny vavaka alohan'ny hivavahako? Atsangano ny tànanareo, ho an'ny fangatahana rehetra izay mety ilainareo. Andriamanitra hitahy anareo. Hitany ny tànanareo rehetra.

134 Raha mpanota iray ianareo, dia asandrato ny masonareo ka jereo ankehitriny. Raha efa tsy niraika ianareo, raha efa nanana fifandirana kely sy ireo zavatra kely, inona no fahasamihafana ataon'izany? Ho faty ianareo indray andro any. Andro inona? Mety ho androany angamba! Tsy fantatrareo. Adiny iray manomboka izao, dia mety any amin'ny helo ianareo, na mety ho any An-danitra. Fa tsy maintsy misafidy ianareo ankehitriny. Raha misy zavatra izay tsy marina ao amin'ny fiainanareo, dia misafidiana ianareo ankehitriny, amin'ny finoana.

135 Hoy ianareo hoe, "Eny, raha mba afaka na dia ny hiaraka aminy fotsiny mantsy [her] aho! Raha mba afaka na dia ny hiaraka aminy [him] fotsiny mantsy aho!" Tsy mampaninona izay nataon'izy ireo, fidio ny Fiainana. Fidio ny Fiainana.

136 Satria, hoy Jesosy hoe, "Raha tsy mamela ny olona rehetra avy ao am-ponareo nohon'ny helony ianareo, dia tsy mamela anareo koa ny Rainareo any An-danitra." Noho izany dia tandremo tsara fotsiny izany. Raha misy alahelo iray ao am-

ponareo manohitra olona anankiray, mpanota na masina iray, dia tandindonin-dozan'ny afon'ny helo ianareo.

137 Ankehitriny dia asandrato ny masonareo. Inona no hitanareo, ny fahavalonareo ve? Sa, mahita ny Mpamonjinareo ianareo? Inona no jerenareo izao maraina izao?

138 Raha marary ianareo, ka milaza ny dokoteranareo fa tsy mety ho sitrana ianareo, dia asandrato ny masonareo, mankany amin'ny hazo fijaliana, izay misy Azy voalefona nohon'ny helotsika, tamin'ny Dian-kapony no nahasitranana antsika. Aza mijery an'izay lazain'ny dokotera; miasa ao amin'ny siansa izy. Ny finoana dia miasa ao amin'ny sehatry ny Fanahy sy Andriamanitra. Ndao isika hieritreritra an'ireo zavatra ireo ankehitriny raha nanangana ny tànanareo ianareo. Andriamanitra no nahita azy ireny.

Ndao isika hivavaka.

139 O Andriamanitra Mandrakizay, ao amin'ny fahanginan'izao fivavahana izao ankehitriny, rehefa avy nandalo ny Hafatra, dia aza mamela an'ireo voan'Ny Teninao, Tompo, hilatsaka eo amin'ny tany misy vato. Aza mamela ny Hafatra, Tompo, hilatsaka ao amin'ireo songosongo, tsilo, ka ireo fiahian'ity fiainana ity (tahaka an'i Lota) no hanempotra azy, amin'ny farany, ka ho lasa fanary. Fa, O Andriamanitra finaritra, aoka izy hilatsaka eo amin'ireo tany tsara, lonaka, eo amin'ireo fo mangorakoraka. Ary eo amin'ny ahy, ihany koa, Tompo, mba ahafahanay rehetra mijery eo amin'ny fitaratra fijeren'Andriamanitra, ka hahita an'ilay Fiangonan'ny Tompo Jesosy nolavina, ilay vahoaka nolavina, ilay làlana nolavina, ka enga anie izahay handeha eo amin'ity làlana be voninahitra ity.

140 Tahaka an'i Mosesy, tsy fantany hoe aiza no halehany. Ireo vahoaka dia tsy nahafantatra hoe aiza no halehany. Tsy fantatr'izy ireo hoe làlana iza no haleha. Nanomboka fotsiny izy ireo.

141 Ary, O Tompo Andriamanitra, raha tendrena izany hira fiderana mahafinaritra izany, dia amin'ny finoana no ahafahanay mahita an'io Tany io avy lavitra. Aoka ho izao ankehitriny izao mihitsy izany, mba tsy hiheveran'ireo lehilahy sy vehivavy ato an'izay ho lazain'izao tontolo izao, na hoe ahoana no handehanan'izy ireo. Enga anie izy ireo hitsangana ao amin'ny fanahiny fotsiny, ka handeha.

142 Nanaraka an'ilay Hazavana i Mosesy, ary Izany no nitarika azy nankany amin'ilay tanin'ny teny fikasana. Tsy nahafantatra hoe aiza no halehany, fa nandeha fotsiny tao amin'ilay Hazavana izy, nankany amin'io tany izay tsara kokoa nohon'ny andro io.

143 Ekeo, Tompo, androany, mba ho maro eto ny handeha ao amin'ilay Hazavan'ny Soratra sy ao amin'ny fiombonan'ny Fanahy Masina, ary miaraka amin'ilay Fiangonana; ilay Fiangonana, ilay Voalohan-teraka, ireo zaza vao teraka izay

nandray an'i Kristy, ka nofenoina ny Fanahy Masina, tarihin'ny Fanahy. Enga anie izahay handeha ao amin'izao fiombonana izao, miaraka, manodidina an'ireo fanak'Andriamanitra, manompo Azy ao amin'ny batisa, amin'ny fankatoavana ny Fahafatesany, ny fandevenany, ary ny fitsanganany. Enga anie izahay hanompo Azy ao amin'ny Didiny hoe, "Mitoera ao Jerosalema mandra-panosotra anareo ny Hery avy any amin'ny Avo." Enga anie izahay hanompo Azy ao amin'ny fanasitranana avy amin'Andriamanitra, mivavaka ho an'ny marary. Enga anie izahay hanompo Azy ao amin'ny fandraisana, famakiana ny mofo, amin'ny fo tokana iray, fiombonana manodidina ny Tenin'Andriamanitra. Enga anie izahay hanompo Azy ao amin'ny Fanaka Masiny rehetra, mandra-pahatongan'ilay Tany ho hita maso. Ekeo izany, Tompo. Henoy ny vavakay, raha mametraka an'izany rehetra izany Aminao izahay ankehitriny, amin'ny Anaran'ny Tompo Jesosy.

144 Ankehitriny miaraka amin'ny lohantsika miondrika, ampahanginana, moramora, dia ndao isika hihira an'ity hira ity fotsiny. Ankehitriny izao no fanompoana. Tapitra ny hafatra. Aza misy anankiray mandeha. Aoka hangina fotsiny. Ndao isika hanompo.

145 Fanitsiana ny hafatra. Eritrereto tsara izay nataonareo ankehitriny, izay tokony nataonareo, izay nanao anareo ho an'izay maha-izy anareo androany. Ny manao anareo ho voaheloka, androany, dia satria nanao zavatra iray ianareo omaly. Ho inona izany rahampitso? Ahitsiho izany androany, dia ho afaka ianareo rahampitso. Hitanareo? Tsy maintsy manao safidy iray ianareo. Ahoana no ahafahanareo manao an'izany? "Amin'ny finoana, dia avotsotro ny zavatra rehetra ankehitriny. Avotsotro ankehitriny, ka handeha ho Any aho indray andro any."

Ao amin'ilay mamy rahatrizay,
No hihaonantsika ao amin'io tsara-. . .

Manompoa ny Tompo ao amin'ny fanahinareo fotsiny ankehitriny.

Ao amin'ilay mamy rahatrizay,
No hihaonantsika amin'ilay Fiangonana natao tsinontsinona. (Fandehanana sarotra, saingy hihaona isika indray andro any.)

Ho an'ny Raintsika feno halemem-panahy any ambony,
No hanolorantsika ny amboaram-piderantsika,
Ho an'ilay fanomezana lehibe an'ny Fitiavany,
Sy ireo fitahiana izay manamasina ny. . .

Miaraka amin'ireo vitsin'ny Tompo natao tsinontsinona, amin'ny finoana, no safidiako.

Ao amin'ilay mamy (ao amin'ilay mamy) raha . . . (rahatrizay)
No hihaonantsika eo amin'io moron-drano tsara tarehy io; (rahatrizay)
Ao amin'ilay mamy (ao amin'ilay mamy) rahatrizay,
No hihaonantsika ao amin'io moron-drano tsara tarehy io.

Misy Tany iray izay . . .

Manompoa Azy fotsiny. Izao no fanompoana.

. . . finoana no ahafahako mahita,

Amin'ny finoana no anaovako ny safidiko.

Oh, miandry ilay Ray . . .

146 Mahita an'ireo an'ny Tompo rehetra aho Any; Rahalahy George, Rahalahy Seward, ireo olo-masina rehetra.

. . . antsika toeram-ponenana iray Any. (Eny, Tompo!)
Ilay mamy . . .

147 Ny dadany, Howard, Edward, ireo sakaiza masina fahiny rehetra izay naka an'ilay Làlana, tany aoriana tany, fotoana ela lasa izay.

Ao amin'ilay mamy (Eny, Tompo!) rahatrizay (rahatrizay),
No hihaonantsika ao amin'io moron-drano tsara tarehy io.

Isika dia hihira an'io tsara- . . . (O Andriamanitra!)
Ireo hira mirindra an'ilay voatahy, (Voninahitra ho an'Andriamanitra!)
. . . tsy hisy alahelo intsony,
Tsy misy fisentoana iray ho an'ny fitahian'io Toerana feno fitsaharana io.

Ao amin'ilay mamy, mamy rahatrizay . . . (rahatrizay)
No hihaonantsika ao amin'io tsara- . . .

Tamin'Ny Finoana, Mosesy MAG58-0720M

(By Faith, Moses)

Ity Hafatr'i Rahalahy William Marrion Branham ity, izay notoriana tamin'ny Teny Anglisy hatrany am-piandohany ny Alahady maraina, 20 Jolay 1958, tao amin'ny Branham Tabernacle ao Jeffersonville, Indiana, U.S.A., dia nalaina avy tamin'ny horonam-peo ary natonta manontolo amin'ny Teny Anglisy. Ity fandikana amin'ny Teny Malagasy ity dia natonta sy nozarain'ny Voice Of God Recordings.

MALAGASY

©2017 VGR, ALL RIGHTS RESERVED

Voice Of God Recordings
P.O. Box 950, Jeffersonville, Indiana 47131 U.S.A.
www.branham.org

Filazana fahefan'ny tompon'ny boky

Tsy azo adika. Ity boky ity dia azo atao printy amin'ny fanaovam-printy ao an-trano ho an'ny fampiasana manokana na ho zaraina, tsy misy sarany, ho fitaovana iray hanaparitahana ny Filazantsaran'i Jesosy Kristy. Ity boky ity dia tsy azo amidy, na adika indray amin'ny refy lehibe, na alefa amin'ny siteweb iray, na tehirizina amin'ny fomba nisy nanesorana, na adika amin'ny fiteny hafa, na ampiasaina ho fangataham-bola raha tsy misy alàlana voasoratra mazava avy amin'ny Voice Of God Recordings®.

Ho an'ny fanazavana fanampiny na ho an'ny fitaovana hafa efa azo raisina, dia iangaviana hifandray amin'ny:

Voice Of God Recordings
P.O. Box 950, Jeffersonville, Indiana 47131 U.S.A.
www.branham.org